

## 1. APOSITOLIKA / SYMBOLE DES APÔTRES

Mino an' Andriamanitra Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany aho.

Ary mino an' i Jesoa Kristy Zananilahy Tokana Tompontsika, izay notorontoronina tamin' ny Fanahy Masina, naterak' i Maria Virjiny, nijaly raha nanapaka i Pontio Pilato, nohomboana tamin' ny hazo fijaliana, maty ka nalevina, nidina tany amin' ny fiainan- tsy hita, nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo, niakatra ho any an- danitra, mipetraka eo an- kavanan' Andriamanitra Ray Tsitoha, avy any no hiaviany hitsara ny velona sy ny maty.

Mino ny Fanahy Masina aho, ny Fiangonana Masina manerana izao tontolo izao, ny fiombonan'ny olona masina, ny famelan- keloka , ny fitsanganan 'ny tena amin'ny maty ary ny fiainana mandrakizay. Amen.

Je crois en Dieu, le Père tout-puissant, créateur du ciel et de la terre, et en Jésus-Christ, son Fils unique, notre Seigneur, qui a été conçu du Saint-Esprit, est né de la Vierge Marie ; a souffert sous Ponce Pilate, a été crucifié, est mort, a été enseveli, est descendu aux enfers ; le troisième jour, est ressuscité des morts ; est monté au ciel, est assis à la droite de Dieu, le Père tout-puissant ;

d'où Il viendra de là pour juger les vivants et les morts.

Je crois en l'Esprit-Saint

à la sainte Église universelle, la communion des saints, la rémission des péchés, la résurrection de la chair et la vie éternelle. Amen

## 2. ARAKA NY SORATRA MASINA / SELON LES ECRITURES

Mino an'Andriamanitra Tsitoha aho, Ray Tsitoha, Izay Mpanao ny lanitra sy ny tany. Andriamanitra dia Fanahy; Andriamanitra dia Fitiavana; Andriamanitra dia mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika dia maty hamonjy antsika Kristy.

Mino an'i Jesoa Kristy Tompo Iray, Zananilahy Tokana Tompontsika aho.

Tonga Izy hitady sy hamonjy ny very. Izy no Lalana sy Fahamarinana ary fiainana. Izy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay.

Mino ny Fanahy Masina aho. Izy no manambara amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika. Fanahy Iray ihany no nanaovam-batista antsika rehetra ho tena iray. Ny fandresena izay enti-mandresy izao tontolo izao dia ny finoantsika. Tompo ô, ampitomboy ny finoanay. Amena.

Je crois en Dieu, le Père tout-puissant, créateur du ciel et de la terre. Dieu est Esprit; Dieu est Amour; Dieu a manifesté son amour envers nous, que Christ est mort pour nous sauver alors que nous étions pécheurs.

Je crois en Jésus-Christ le seul Seigneur, Fils unique notre Seigneur. Il est venu pour chercher et sauver ceux qui sont perdus. Il est le chemin, la vérité et la vie. Il est le même hier, aujourd'hui et éternellement.

Je crois en l'Esprit Saint. Il dit à notre esprit que nous sommes enfants de Dieu. Par l'Esprit, nous sommes tous baptisés pour être un seul corps. La victoire qui a vaincu le monde, c'est notre foi. Seigneur augmente notre foi. Amen.

### **3. NIKEANA / DE NICEE**

Isika mino an'Andriamanitra Iray, Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra na ny hita na ny tsy hita.

Ary an'i Jesoa Kristy Tompo Iray, Zananilahy Tokan'Andriamanitra, nateraky ny Rainy talohan'izao rehetra izao, ny Mazava avy amin'ny Mazava, Andriamanitra tokoa avy amin'Andriamanitra, nateraka fa tsy natao, miray amin'ny Ray amin'ny zavatra rehetra; Izy no nahariana izao rehetra izao. Noho ny amintsika olombelona sady ho famonjena antsika, dia nidina avy tany an-danitra Izy, ary nataon'ny Fanahy Masina nofo avy tamin'i Maria Virjiny, dia tonga olona Izy. Nohomboana teo amin'ny hazofijaliana ho fanavotana antsika, tamin'ny nanapahan'i Pontio Pilato Izy; nijaly Izy ka nalevina. Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo araka izay voasoratra Izy. Niakatra ho any an-danitra Izy, ary mipetraka eo an-tanana ankavanany Ray; avy any no hiaviany indray amin'ny voninahitra hitsara ny velona sy ny maty, ary ho mandrakizay ny fanjakany.

Isika mino ny Fanahy Masina, Tompo sady mpanome aina. Izay avy amin'ny Ray sy ny Zanaka ka itsaohana sy ankalazaina miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka; Izy dia niteny tamin'ny vavan'ny mpaminany.

Isika mino ny Fiangonana Iray, miorina amin'ny fanambaran'ny Apostoly ary manerana izao tontolo izao. Isika manaiky ny batisa iray ho famelan-keloka, sady manantena ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ary ny fiainana mandrakizay. Amen.

Je crois en un seul Dieu, le Père tout-puissant, créateur du ciel et de la terre, de l'univers visible et invisible.

Je crois en un seul Seigneur, Jésus-Christ, le Fils unique de Dieu, né du Père avant tous les siècles ; il est Dieu, né de Dieu, lumière, née de la lumière, vrai Dieu, né du vrai Dieu. Engendré, non pas créé, de même nature que le Père, et par lui tout a été fait. Pour nous les hommes, et pour notre salut, il descendit du ciel ; par l'Esprit-Saint, il a pris chair de la Vierge Marie, et s'est fait homme. Crucifié pour nous sous Ponce Pilate, il souffrit sa passion et fut mis au tombeau. Il ressuscita le troisième jour, conformément aux Écritures, et il monta au ciel ; il est assis à la droite du Père. Il reviendra dans la gloire, pour juger les vivants et les morts; et son règne n'aura pas de fin.

Je crois en l'Esprit Saint, qui est Seigneur et qui donne la vie ; il procède du Père et du Fils. Avec le Père et le Fils, il reçoit même adoration et même gloire ; il a parlé par les prophètes. Je crois en l'Église, une, sainte, universelle et apostolique. Je reconnais un seul baptême pour le pardon des péchés. J'attends la résurrection des morts, et la vie du éternelle. Amen

### **4. Fanehem-pinoan'ireo Mpianatra nanatri-maso an'i Tompo / Confession de foi des témoins oculaires du Seigneur**

*Mpitarika-Officiant:* Manambara ny finoantsika an'i Jesoa kristy isika, miaraka amin'i Jaona Mpanao batisa:

(Nous proclamons notre foi en Christ Jésus, avec Jean-baptiste)

*Fiangonana-Assemblée:* “Indro ny zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao”

(voici l'Agneau de Dieu qui ôte le péché du monde)

*Mpitarika-Officiant:* Miaraka amin'i Andrea (avec André):

*Fiangonana-Assemblée:* “Efa nahita ny Mesia izahay”

(nous avons vu le Messie)

*Mpitarika-Officiant:* Miaraka amin'ireo Samaritana (avec les Samaritains):

*Fiangonana-Assemblée:* “ny tenanay no nandre ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao”

(nous-mêmes nous l'avons entendu, et nous connaissons qu'il est véritablement le Sauveur du monde.)

*Mpitarika-Officiant:* Miaraka amin'i Petera (avec Pierre):

*Fiangonana-Assemblée:* “Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona.

Ianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay” (tu es le Christ, Fils du Dieu vivant.

Tu as la parole de la vie éternelle)

*Mpitarika-Officiant:* Miaraka amin'i Tomasy (avec Thomas):

*Fiangonana-Assemblée:* “Tompoko sy Andriamanitro” (mon Seigneur et mon Dieu) Amen.

### **5. Efesiana/Ephésiens 1: 3-14**

### **6. Kolosiana / Colossiens 1 : 12-20**

### **7. Tsanta 11,1-2-6-7-8-9-12 (Paska / Pâques)**